15

# NY LAHATSORATRA MANORITSORITRA

## TANJONA

- Eto dia: hanavaka ireo toetra ananan'ny lahatsoratra manoritsoritra sy handrafitra lahatsoratra manoritsoritra fohy isika

## LESONA HOTADIDIANA

Ny lahatsoratra manoritsoritra dia lahatsoratra maneho sy mandoko toe-javatra iray

Ohatra: olona, toerana, fitaovana,… .

Misongadina amin'izany ny toetra, ny bika, ny endrika, ny habaka, ny fotoana sy ny toerana

Ohatra: loko, halehibe, hakelezana, haratsiana, hatsarana, halavirana, … ..

Ahitana fitanisana toetra sy endrika maro

**Tsara ho fantatra :**

Ahoana no atao raha hamorona lahatsoratra fohy iray ?

→Omena lohateny ny lahatsoratra na tsia

→Asiana dingana telo mazava : teny fampidirana, teny famelabelarana, teny famaranana.

→Satria hanoritsoritra no tanjona noho izany dia tokony ahitana fitanisana maromaro ao anaty lahatsoratra,

→Tsy manao fehezanteny lava, fa atao mazava tsara fotsiny

**Toy izao ny endrika anehoana azy :**

(Lohateny)

(Fampidirana:)

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

(Famelabelarana:)

……………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………………

(Famaranana:)

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

**Sahanasa 1**

Ambohimarina

Ambohimarina dia tanàna makadiry, telonjato tafo. Miorina eo an-tampon-tanety malalaka izy. Ny trano dia madinidinika, milalotra fotsy ny ivelany, ny atiny raha lazaina ankapobeny dia madio, fa ny fahalotoana dia mahamenatra eo an-tanàna.

Izy rehetra dia milahatra manodidina ny kianja, ary eo ampovoan'ny kianja misy voarabe midoroboka, avo manerinerina,

otronin'ny kininina manitra, mamerovero eran'ny tanàna. Ny manodidina an'Ambohimarina dia tanimboly; ny ao ambany atsimo sy avaratra ary atsinanana dia tanimbary; ny ao ambany andrefana kosa dia saha mahafinaritra. Avy any atsimo dia misy ony makadiry miolikolika toy ny bibilava.

Emile RAZANAMINO.

Toromarika:

- Vakina milamina sy milanto tsara ny lahatsoratra
- Vakina mangina ny lahatsoratra
- Vakina ny lahatsoratra amin'ny feo antonony
- Vakina ny lahatsoratra sady manakatra ny fomba entin'ny mpanoratra maneho hevitra avy amin'ny mpamari-toetra

Ezahina valiana ireto fanontaniana ireto :

1) Omeo ny lohatenin'ny lahatsoratra ary lazao ny nanoratra azy.

2) Omeo ny teny mitovy hevitra amin'ireto: makadiry, madinidinika, miolikolika.

3) Tadiavo ny teny mifanohitra amin'ireto: mamerovero, mahafinaritra, malalaka.


4) Manao ahoana moa ny tanànan'Ambohimarina: endrika amam-bika, toetoetrany?

Fantariko avy ao amin'ny lahatsoratra ireto :

- Aiza no misy ilay tanàna Ambohimarina ? Hadiry, isan'ny trano, ny misy azy
- Manao ahoana ny endriky ny tanana raha jerena ivelany ? loko, ny habeny
- Manao ahoana ny toetry ny tanàna ? madio, maloto, milamina, mikorontana….
- Inona avy ireo zava-misy manodidina ny tanàna ? ary aiza ho aiza no ahitana izany ? afovoany, avaratra, ankavia, akaiky, …

## Sahanasa 2

Diniho anie ity sary ity e!



- Miainga amin'io sary hitantsika io :
  - Mamamorona lahatsoratra tsotra iray manoritsoritra ity sekoly iray amin'ny sary ity, izay any Ambohimahatamana.

  - Lazao amin'izany ny bika aman'endrikin'ny sekoly, ny toetran'ny toerana sy ny misy azy, ny zava-misy hita manodidina ny sekoly

- Miainga amin'izay lahatsoratra vita eo:
  - Avaho ireo teny maneho fanoritsoritana hita tao